# 4 NY HAD ny L IHARANA

## TANJONA

Manavaka ny HAD **IHARANA** amin'ny HAD hafa rehetra ny L IHARANA.

## LESONA HOTADIDINA

**Ny antsoina hoe fehezanteny manana HAD IHARANA dia ahitana :**

- EM matoanteny aman-tovona voa-, tafa-.
- EM aman-tovana –ina, -ana.
- EM aman-tsofoka -in-.
- EM matoanteny na azo asiana tovana –ina, na –ana.
- FKI mivany 2.

**Ny paika entina mamantatra ny HAD IHARANA dia :**

- Rasaina ny fehezanteny (atao miavaka).
- Rasaina ny EM, jerena raha ahitana ireo tsirinteny ahafantarana ny HAD IHARANA ny EM.
- Jerena ny FKI raha mivany 2.
- Marihina fa manana HAD IHARANA ny RF raha toa ka manaraka ireo fitsipika ireo ny fehezanteny azo avy amin'ny famadihana azy ho L.

## Sahanasa 1

Jereo ireto fehezanteny ireto.

**F1 :** Tsaroana ny tsikin'ny andro omaly.

**F2 :** Antsoina ny andro omaly.

**F3 :** Vinakin'ny ankizy ny vilia.

a) Rasao ny fehezanteny.

b) Inona no iharan'ny asa atao?

d) Mitodika amin'ny Lazaina inona araka izany ny fehezanteny F1, F2, F3 ?

e) Rasao ny EM ao amin'ireo FI sy F2 ary F3 ireo ary lazao ny sokajin-teny misy azy sy ny endriny.

f) Lazao ny HAD ireo L.

g) Omeo ny FKI, lazao ny vaniny.

h) Matoantenin'ny inona ary ny EM, araka ny HAD ny L ?

## Sahanasa 2

Diniho ireto fehezanteny ireto.

**F1** *:* Zaraina amin'ny ankizy ny vatomamy.

**F2** *:* Tinapaky ny omby ny tady.

**F3** *:* Hazavain'ny mpampianatra ny lesona.

**F4** *:* Voasambotra ireo jiolahy mpandroba.

a) Rasao ny fehezanteny

b)Omeo ny FKI ary lazao ny vaniny.

d) Rasao ireo EM, lazao ny endriky ny EM.

e) Ambarao ny HAD ny L.

## Sahanasa 3

Ireto misy fehezanteny

**F1** : Nasain'i dada sy i Feno ny tany

**F2** : Voatoton'i Manana ny vary

**F3** : Folaka ihany ilay omby

a) Rasao tsirairay ireo fehezanteny ireo.

b) Omeo ny FKI. Mivany firy?

d) Rasado ny EM

e) Omeo ny HAD ny L isaky ny fehezanteny